
# Ny Lalana Mankany Amin' Andriamanitra





© 2002, Rose Stair Goodman. Sary amin' ny Fonony, Edwin B. Wallace. Meryl Esenwein ny sary eto ambony sy amin' ny pejy 10, 12, 14, 16, 27, 29, 39, 41, 42, 44, 46, 47, ary 48. Ny Soratra Masina ampiasaina dia nalaina avy amin' ny NY SORATRA MASINA DIA NY TESTAMENTA TALOHA SY NY TESTAMENTA VAOVAO — LA SAINTE BIBLE MALGACHE.

# ANDRIAMANITRA NO NAMORONA IZAO TONTOLO IZAO SY NY ZAVA MANAN' AINA REHETRA



**"Tamin' ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany."** –Genesisy 1:1

**"Fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any andanitra sy etỳ ambonin' ny tany. . . ."** –Kolosiana 1:16

**"Hitahy anareo anie Jehovah, Mpanao ny lanitra sy ny tany. Ny lanitra dia an' i Jehovah; fa ny tany nomeny ho an' ny zanak' olombelona."** –Salamo 115:15, 16

Tonga lafatra ny tany tamin'ny nanoloran' Andriamanitra azy ho an'ny olombelona. Vakio ity boky kely ity hahafantaranao izay nitranga taty aoriana.

# 2 NAMORONA ANTSIKA ANDRIAMANITRA



"Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika; ary aoka izy hanjaka...amin' ny tany." –Genesisy 1:26

# TONGA FANAHY MANAN' AINA NY OLONA



**Ary vovo-tany no namoronan' i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony; dia tonga olombelona izy.** –Genesisy 2:7

**"Ary Jehovah Andriamanitra nanao hoe: Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy. Ary Jehovah Andriamanitra nahasondrian-tory an-dralehilahy, ka dia natory izy; dia naka ny taolan-tehezany anankiray Izy ka nanakombona nofo ho solony. Ary ny taolan-tehezana izay nalain' i Jehovah Andriamanitra tamin-dralehilahy dia nataony vehivavy, ka nentiny tany amindralehilahy."** –Genesisy 2:18, 21, 22

*Ny dikan' ny fanahy manan' aina dia ho any amin' ny toerana iray mandrakizay isika.

# 4 TSY NANKATO AN' ANDRIAMANITRA I ADAMA SY EVA



Tsy tokony hihaino an' i Satana mihitsy isika.

**“Ary Jehovah Andriamanitra nitondra an-dralehilahy ka namponina azy tao amin’ ny saha Edena hiasa sy hitandrina azy. Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin’ ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin’ ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa hianao.”** –Genesisy 2:15-17

NAMETRA-PANONTANIANA NY AMIN’ NY FAHEFAN’ ANDRIAMANITRA NY MENARANA, ANTSOINA KOA HOE DEVOLY NA SATANA, ARY NILAZA LAINGA.

**“Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory hianareo. Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiririritra hampahahendry, dia nanotazany… ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny, ka dia nihinana izy.”**
–Genesisy 3:4, 6

# 6 TSY NAHAZO NIJANONA TAO AMIN' NY SAHA EDENA INTSONY I ADAMA SY EVA



**"Ka dia nesorin' i Jehovah Andriamanitra tamin' ny saha Edena izy hiasa ny tany izay nanalana azy . . . ary nampitoeriny . . . ny kerobima sy ny lelafon' ny sabatra mihebiheby hiambina ny làlana mankany amin' ny hazon' aina."** –Genesisy 3:23, 24

# ANDRO NANJOMBONA HO AN' NY OLOMBELONA NY NANOTAN' I ADAMA SY EVA 



**"... Tahaka ny nidiran' ny ota avy tamin' ny olona iray ho amin' izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran' ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana...."**

–Romana 5:12

**Zavatra ho tadidiana**

Teraka tamin' ny ota **ny olona tsirairay** ary ho **faty indray andro any satria ny fahafatesana dia avy amin' ny ota.** (Vakio indray Romana 5:12.)

## 8 DRAFITR'ANDRIAMANITRA HAMONJENA ANTSIKA AMIN' NY FAHOTANA NO NANIRAHANY NY ZANANY LAHITOKANA



Mba hidirany ho ao amin' ny olombelona dia tsy maintsy tonga tahaka ny zazakely naterak' olombelona ny Zanak' Andriamanitra.

**"Ka hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe JESOSY; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin' ny fahotany."** –Matio 1:21

**"Fa ao amin' ny tenany** [Kristy Jesosy] **no itoeran' ny fahafenoan' ny fomban' Andriamanitra rehetra"**. –Kolosiana 2:9

# JESOSY DIA ANDRIAMANITRA — NAKA NY ENDRIK' OLOMBELONA 

**"Tamin' ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin' Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina** [nitoetra] **tamintsika . . . ."**

–Jaona 1:1, 14

**"Ary izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka . . . . : 'Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; ary ny anarany hataon' ny olona hoe Imanoela', izany hoe, raha adika: 'Amintsika Andriamanitra' ".** –Matio 1:22, 23

**"Fa Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no omena antsika; ary ny fanapahana dia eo an-tsorony, ary ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Rain' ny mandrakizay, Andrian' ny fiadanana."** –Isaia 9:5

# 10 JESOSY KRISTY — FANATITRA TANTERAKA HO ANTSIKA

**"Izay tsy nahalala ota . . . ."** –2 Korintiana 5:21



**"Izay tsy nanota akory . . . ."**
–1 Petera 2:22

Tsy nisy sorona (fanatitra) TANTERAKA ampy afaka nataon' ny olona hanaisorana ny fahotany.

**"Fa tsy mahaisotra ny ota ny ran' ombilahy sy ny ran' osilahy."**
–Hebreo 10:4

Jesosy no Zanak' ondrin' Andriamanitra. **"Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao!"** –Jaona 1:29b

# NANOLOTRA NY AINY HAMONJENA ANTSIKA JESOSY 

Nofantsihana teo amin' ny hazo fijaliana Jesosy satria halan' ireo olona loza be Izy. Nefa planin' Andriamanitra ny fahafatesany. Tamin' ny sitrapony, tsy noterena Jesosy nanolotra ny ainy hamonjena anao sy ahy noho ny fahotantsika.

Hoy Jesosy, **"Tsy misy manaisotra ny aiko amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy. Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray. . . ."** –Jaona 10:18

**TAMIN' NY RAN' NY ZANAK' ONDRIN' ANDRIAMANITRA NO NANAVOTANA ANTSIKA**

**"Fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo. . . fa ny ra soan' i Kristy, toy ny ran' ny zanak' ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina."** –1 Petera 1:18, 19


**TSY MISY FANATITRA HAFA AFAKA MANAISOTRA NY FAHOTANA**

**"Amin' izany sitrapo izany no nanamasinana antsika tamin' ny nanaterana ny tenan' i Jesosy Kristy indray mandeha."** –Hebreo 10:10

**12 "Koa mainka aza ny hamonjeny antsika ho afaka amin' ny fahatezerana ankehitriny rehefa nohamarinina** [nisaina ho marina] **tamin' ny rany isika."**
–Romana 5:9

**"...Jesosy ô, tsarovy aho, rehefa avy amin' ny fanjakanao Hianao.**
–Lioka 23:42

Nino an' i Jesosy ilay jiolahy ka dia voavonjy.



**"...Lazaiko aminao marina tokoa: Anio no hihaonanao amiko any Paradisa."**
–Lioka 23:43

Tsy nino an' i Jesosy ilay jiolahy ka tsy voavonjy.

**"...Fa fony mbola mpanota isika** [tsy mpankato an' Andriamanitra] **dia maty hamonjy antsika Kristy."**
–Romana 5:8

# IZAY REHETRA MINO NY ZANAK' ANDRIAMANITRA NO MANANA NY FIAINANA

**"Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."**

–Jaona 3:16

**"Sady nahafaka antsika tamin' ny fahefan' ny maizina ka namindra** [nitondra] **antsika ho amin' ny fanjakan' ny Zanany malalany, izay ananantsika fanavotana*, dia ny famelana ny helotsika."** –Kolosiana 1:13, 14

*Ny fanavotana dia midika fa efa novidiana indray isika.

# "NITSANGANA IZY!"



"Ary ny anjely namaly ka nilaza tamin' ny vehivavy hoe: Aza matahotra hianareo; fa fantatro fa Jesosy, Izay efa nohomboana tamin' ny hazofijaliana, no tadiavinareo. Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy. Avia, ka jereo, fa tao no nandrian' ny Tompo."

–Matio 28:5, 6

**"...Efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin' ny fahafatesana sy ny fiainantsi-hita** [helo]**."** –Apokalypsy 1:18

**"...Satria velona Aho dia ho velona koa hianareo."**
–Jaona 14:19

Koa satria efa resin' i Kristy ny fahafatesana ary manana ny fanalahidin' ny fahafatesana Izy, dia tsy ilaina matahotra ny fahafatesana intsony isika.

**"Amin' ny andro atahorako no itokiako Anao."** –Salamo 56:3
(Jereo ao amin' ny pejy 46 ny teny fikasana omen' Andriamanitra.)

**AFAKA MAMONJY ANAO JESOSY ARY MIVAVAKA HO ANAO IZY**

**Fa Izy...satria maharitra mandrakizay Izy; koa amin' izany dia mahavonjy tokoa** [tanteraka] **izay manatona an' Andriamanitra amin' ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana** [hanamarina] **ho azy.** –Hebreo 7:24, 25

# AFAKA MANANA NY FIAINANA MANDRAKIZAY IANAO SY IZAHO




**Iza amin' ireo no làlana ho raisinao?**

Jesosy Kristy no LALANA mankany ami' ny FIAINANA mandrakizay miaraka amin' Andriamanitra.

Ny devoly (Satana) no lalana mankany amin' ny FAHAFATESANA mandrakizay.

Ity ankizy lahy ity nisafidy ny tsara ho any amin' ny fiainana mandrakizay.

**"...Fidionareo anio ary izay hotompoinareo...."**
–Josoa 24:15

**"...Koa mifidiana ny fiainana, mba ho velona hianao sy ny taranakao."** –Deoteronomia 30:19

## JESOSY NO LALANA MANKANY AMIN' NY FIAINANA MANDRAKIZAY

**"Ary tsy misy famonjena amin' ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena."** –Asa 4:12

**"Izaho dia Izaho ihany no Jehovah, ary tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho."** –Isaia 43:11

## 18 NAHOANA NO TSY MAINTSY MIFIDY AN' I JESOSY ISIKA RAHA TE HANANA NY FIAINANA MANDRAKIZAY

**1. *Kristy no efa tonga.***

**"...Izaho avy mba hananany fiainana...."** –Jaona 10:10



**2. *I Kristy no tia antsika ka maty ho antsika.***

**"...Ny Zanak' Andriamanitra...tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy."** – Galatiana 2:20

Tonga olombelona nofo sy ra tahaka antsika Jesosy, **"...mba handringanany amin' ny fahafatesana ilay manana ny**

**herin' ny fahafatesana, dia ny devoly, ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin' ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana."** –Hebreo 2:14, 15

3. ***Ny ran' i Jesosy irery ihany no fanafana ho amin' ny fahotantsika.***

**"...Fa ny ra no manao fanavotana** [famelana], **satria aina izany."** –Levitikosy 17:11

**"...Ary ny ran' i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin' ny ota rehetra."** –1 Jaona 1:7

**"Izay ananantsika fanavotana** [famonjena], **dia ny famelana ny helotsika."** –Kolosiana 1:14



**4. *Kristy io no nitsangana tamin' ny maty.***

**"Ary fantatsika fa rehefa nitsangana tamin' ny maty Kristy, dia tsy maty intsony Izy; tsy manan-kery aminy intsony ny fahafatesana."**
–Romana 6:9

**"Ary maty hamonjy ny olona rehetra Izy, mba tsy ho velona ho an' ny tenany intsony izay velona, fa ho an' Izay efa maty sy nitsangana hamonjy azy."**
–2 Korintiana 5:15

Hoy Jesosy: **"...Satria velona Aho dia ho velona koa hianareo."**
–Jaona 14:19

5. ***Tsy maintsy manana ny Fanahin' i Kristy ao anatintsika isika mba hatsangana ho amin' ny fiainana mandrakizay (ho velona mandrakizay).***

**"...Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra."** –Kolosiana 1:27

**"Ary raha ny Fanahin' Izay nanangana an' i Jesosy tamin' ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an' i Kristy Jesosy tamin' ny maty no hamelona ny tenanareo** [nofo] **mety maty amin' ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo."**
–Romana 8:11

**ATAOVY AZO ANTOKA FA AO ANATINAO NY FANAHIN' I KRISTY**

**"...Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin' i Kristy dia tsy Azy izy** [tsy an'i Kristy izy]**."** –Romana 8:9

# 22 TIA NY ANKIZY REHETRA JESOSY



**“Ary nitrotro azy Izy, dia nametra-tanana taminy ka nitso-drano azy.”**
–Marka 10:16

“Fantatro fa tia ahy Jesosy, fa volazan’ ny Baiboly amiko izany.”

**"Fa Jesosy niantso ireo hankeo aminy ka nanao hoe: Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza rarana; fa an' ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra."** –Lioka 18:16

**"Ary tahaka izany, dia tsy sitraky ny Rainareo Izay any andanitra, raha ho very na dia iray aza amin' ireny madinika ireny** [haringana na ho very mandrakizay]**."** –Matio 18:14

Tsy mampaninona na iza na iza ianao na aiza ianao mipetraka, tia anao Jesosy ary maty ho anao Izy. Mila ny *fitiavanao* koa Jesosy. Afaka maneho ny fitiavanao Azy hianao amin'ny fankatoavanao Azy.

**"Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko."**
–Jaona 14:15

**"Na dia ny zaza aza dia mampiseho amin' ny fanaony. . . ."**
–Ohabolana 20:11

# 24 AHOANA NO HAHITANAO NY LALANAO HO ANY AMIN' ANDRIAMANITRA

**1.** ***Ekeo fa mpanota ianao*** *(jereo ny pejy faha-7).*

**"Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin' Andriamanitra."** –Romana 3:23

**2.** ***Manatona an' Andriamanitra amin' ny alalan' i Jesosy Kristy.***

**"Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin' Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, Izay olona.** –1 Timoty 2:5

**"Koa amin' izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an' Andriamanitra amin' ny alalany Izy** [Jesosy]**. . . ."** – Hebreo 7:25

Hoy Jesosy, **". . . Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko** [haveriko] **mihitsy."** –Jaona 6:37

**3. *Mibebaha ny amin' ny fahotanao.***

(Ny atao hoe mibebaka dia "manenina mafy ka miala amin 'ny fahotana".)

**"Koa mibebaha hianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo . . . ."** –Asa 3:19

**"Ny Tompo . . . mahari-po** [mahatsindry fo] **aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin' ny fibebahana izy rehetra."** –2 Petera 3:9

**4. *Aoka hiaiky ny fahotanao amin' i Jesosy hianao.***

("Manambara na manaiky" no dikan' ny miaiky.)



**26** Soraty eto amin' ireto an-dalana manaraka ireto ny andinin-tSoratra Masina 1 Jaona 1:9 izay hita ao amin' ny saritanana mivavaka ao amin' ny pejy faha 25.

______________________________________________

______________________________________________

______________________________________________

______________________________________________


**5. *Afoizo ny fahotanao.***

("Ilaozana, ariana" ny dikan' ny mahafoy.)

**"Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindrampo."**

–Ohabolana 28:13

**"Halaviro ny ratsy, ka manaova soa . . . ."** –Salamo 37:27



**"Fa fahasoavana no namonjena anareo amin' ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin' Andriamanitra; tsy avy amin' ny asa, fandrao hisy hirehareha."** –Efesiana 2:8, 9

**6. *Minoa an' i Jesosy Kristy.***

**"Satria raha manaiky an' i Jesosy ho Tompo amin' ny vavanao hianao ary mino amin' ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin' ny maty, dia hovonjena hianao."** –Romana 10:9

**"...Minoa an' i Jesosy Tompo, dia hovonjena hianao sy ny ankohonanao."** –Asa 16:31

***7. Raiso ao am-ponao sy ao amin' ny fiainanao Jesosy Kristy.***

Ianao irery ihany no afaka mamoha ny varavaran' ny fonao sy manasa an' i Jesosy hiditra ao. Hoy Jesosy, **"Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandòndòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiaramisakafo aminy, ary izy amiko."**

–Apokalypsy 3:20



**"Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra, dia izay mino ny anarany."** –Jaona 1:12

# TARI-BAVAKA 

Raha mbola tsy nivavaka mihitsy ianao hatramin' izay ka mitady fanampiana, afaka manaraka ity vavaka manaraka ity ianao ho tari-dàlana:



**Jesosy Tompo ô,**

**Misaotra anao aho noho ny nahafatesanao teo amin' ny hazo fijaliana hanaisotra ny fahotako. Mifona aho ny amin' ny ratsy rehetra nataoko. Mangataka Aminao aho, midira ato am-poko Hianao ary mitoera ao mandrakizay. Matoky Anao aho fa tonga dia hanadio ny foko amin' izao fotoana izao Hianao. Raisiko ho Mpamonjiko sy Tompoko manokana Hianao. Amin'ny Anaranao no anaovako izany vavaka izany. Amena.**

# 30 MANANA NY FIAINANA MANDRAKIZAY IANAO, MANANA AN' I JESOSY AO AM-PONAO

**"...Fiainana mandrakizay no omen' Andriamanitra antsika, ary ao amin' ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana...."** –1 Jaona 5:11,12


**"...Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay...fa tafafindra niala tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana izy."** –Jaona 5:24

Manoloana ny Tompo isika rehefa maty ny tenantsika (2 Korintiana 5:8). **"...Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra"** (Kolosiana 1:27).

Raha nangataka tamin' i Jesosy hamela ny fahotanao ianao ka mino fa Jesosy Kristy Tompo no Mpamonjy anao, dia soraty eto ambany eto ny anaranao:

________________________________________

# AHOANA NO HIHAZONANAO NY FANARAHANA AN' I JESOSY 



Mamakia andinin-tSoratra Masina ao amin' ny Baiboly (ny Tenin' Andriamanitra) isan' andro ary raketo ao am-ponao ireny amin' ny fianaranao tsianjery andinin-tSoratra Masina manokana izay manampy anao. (Maro izy ireo no ato anatin' ity boky kely ity.)

**"Izay soratra rehetra nomen' ny tsindrimandrin' Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin' ny fahamarinana."**

–2 Timoty 3:16

## 32 MIRESAHA AMIN' I JESOSY AMIN' NY ALALAN' NY VAVAKA AMIN' NY FOTOANA REHETRA

***Misaora an' i Jesosy*** amin' ny zavatra tsara rehetra eo amin' ny fiainana. ***Derao Izy*** ny amin' ny zavatra nataony ho anao sy ny namonjeny ny fanahinao. ***Mivavaha ho an' izay zavatra rehetra ilainao.*** Mivavaha amin' ny anaran' i Jesosy.



**"...Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy."** –1 Jaona 5:14

**"...Na inona na inona hangatahinareo amin' ny Ray dia homeny anareo amin' ny anarako izany."** –Jaona 16:23

**"...Ary mifampivavaha...."** –Jakoba 5:16

**"...Mivavaha ho an' izay manenjika anareo."** –Matio 5:44

# VAVAKA IRAY NAMPIANARIN' I JESOSY NY MPIANANY 

(Olona manara-dia an' i Jesosy ny atao hoe mpianatra.)

Niteny ny mpianany Jesosy mba hivavaka tahaka izao izy ireo:

> "...**Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina** [Masina] **anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin' ny ratsy."** [Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay. Amena.]
>
> –Matio 6:9-13

Tsara hianarana tsianjery ity vavaka ity. Matetika miara-miteny ity vavaka ity mafy ny mpino.

# 34 MAMPIANATRA ANTSIKA NY FOMBA FIAINANA NY DIDY FOLON' ANDRIAMANITRA

(Eksodosy toko faha 20)

***Mikasika ny Fitiavantsika an' Andriamanitra ny Efatra Voalohany***

**1. "Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany."**

**2. "Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra . . . . Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy."**

**3. "Aza manonona foana ny anaran' i Jehovah Andriamanitrao."**

**4. "Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy."**

***Mikasika ny Fitiavantsika ny Olona ny Enina Farany***

5. **"Manajà ny rainao sy ny reninao."**
6. **"Aza mamono olona."**
7. **"Aza mijangajanga"** (Fanitsakitsahana ataon' ny lahy na ny vavy mpivady amin' ny firaisana ara-nofo ny fijangajangana.)
8. **"Aza mangalatra."**
9. **"Aza mety ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namanao."**
10. **"Aza mitsiriritra . . . izay mety ho an' ny namanao akory aza."**

**HAHAZOANA VALINY AMIN' NY VAVAKA ATAONTSIKA NY FANKATOAVANA AN' ANDRIAMANITRA**

**"Ary na inona na inona no angatahintsika dia raisintsika aminy, satria mitandrina ny didiny sy manao izay ankasitrahana eo imasony isika."** –1 Jaona 3:22

## IREO DIDY ROA LEHIBE INDRINDRA

***Fitiavana an' Andriamanitra***

**1. "Dia hoy Jesosy taminy: 'Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra.' Izany no didy lehibe sady voalohany."** –Matio 22:37, 38

***Fitiavana ny Olona***

**2. "Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: 'Tiava ny namanao tahaka ny tenanao.' "**

–Matio 22:39




Ireo Didy Folo ireo (pejy faha 34 sy 35) dia voafehy ao anatin' ny Didy Roa Lehibe.

# NY FITIAVANA NO LEHIBE INDRINDRA AMIN' IREO

## Ny "Toko lehibe Momba ny Fitiavana"

(1 Korintiana 13:1-8, 13)

**1 Na dia miteny amin' ny fitenin' ny olona sy ny anjely aza
aho, kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina ma-
neno sy kipantsona mikarantsana aho. 2 Ary na dia manana
faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra
sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny
finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra,
kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho. 3 Ary na
dia omeko** [zaraiko] **hohanin' ny malahelo aza ny fananako
rehetra, ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako, kanefa
tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahasoa ahy akory izany.
4 Ny fitiavana mahari-po** [miaritra] **sady mora fanahy; ny fitia-**

**vana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, 5tsy ma-**
**nao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora**
**sosotra, tsy manao otripo, 6tsy mifaly amin' ny tsi-fahama-**
**rinana** [fahadisoana], **fa miara-mifaly amin' ny fahamarinana**
**kosa, 7mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra**
**rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra**
**rehetra. 8Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny**
**faminaniana, dia ho levona; na ny fiteny tsy fantatra, dia hit-**
**sahatra; na ny fahalalana, dia ho foana.**
**13Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny fino-**
**ana, ny fanantenana, ny fitiavana; fa ny fitiavana no lehibe**
**amin' ireo.**

## ANDRIAMANITRA DIA FITIAVANA

**" . . . Andriamanitra dia fitiavana; ary izay mitoetra amin' ny fitiavana no mitoetra ao amin' Andriamanitra, ary Andriamanitra ao aminy."**

–1 Jaona 4:16

# TIAN' I JESOSY HIJORO VAVOLOMBELONA AMIN' NY HAFA IANAO





(ao an-trano, any an-tsekoly, any am-piangonana, na aiza na aiza)

Hoy Jesosy: **"...Modia ihany any an-tranonao ho any amin' ny havanao, ka lazao aminy izay zavatra lehibe nataon' ny Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao."**

–Marka 5:19

# AHOANA NO AHALALANA NY TENA ZANAK' ANDRIAMANITRA

**"Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy."** –Matio 7:20

**"Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po,** [faharetana] **fahamorampanahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po...."**
–Galatiana 5:22, 23

## MAMELA NY FAHADISOAN' NY HAFA NY TENA ZANAK' ANDRIAMANITRA

**"Fa raha mamela ny fahadisoan'** [heloky] **ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra."** –Matio 6:14

## ZAVATRA FITO NO HALAN' ANDRIAMANITRA

**"Ny maso miavonavona, ny lela fandainga, ary ny tànana mandatsa-dra tsy marina, ny fo mamoron-tsain-dratsy, ny tongotra malaky mihazakazaka hanao ratsy, ny mamoaka lainga ho vavolombelona tsy marina, ary ny mamafy ady ao amin' ny rahalahy."** –Ohabolana 6:17-19





"**. . . Fijangajangana, fahalotoana** [fi-raisana ara-nofo eo amin' ny olona tsy mivady], **. . . fanompoan-tsampy, fana-ovana ody ratsy, fandrafiana . . . adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandania-na . . . fitokoana, . . . fahamamoana . . . fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan' Andriamanitra.**"
–Galatiana 5:19-21

"**. . . Ny sodomita, . . . ny mpangalatra, . . . ny mpierina . . . .** "–1 Korintiana 6:9,10

**AVELAO HO FENOIN' I JESOSY NY FANAHINY SY HO DIOVINY IANAO**

**"Ary efa mba toy izany ihany ny sasany aminareo, saingy efa voasasa hianareo, efa nohamasinina** [natao ho masina] **. . . tamin' ny araran' i Jesosy Kristy Tompo sy tamin' ny Fanahin' Andria-manitsika."**
–1 Korintiana 6:11

# MISY MARINA NY HELO




**(Vakio Lioka 16:19-26.)**

Ataovy azo antoka tsara fa matoky an' i Jesosy Kristy ianao. Hametraka ny anaranao ao amin' ny Bokin' ny Fiainana Izy.

**"Ary raha nisy tsy hita voasoratra tao anatin' ny bokin' ny fiainana, dia natsipy tany amin' ny farihy afo izy."**
–Apokalypsy 20:15

# JESOSY IRERY IHANY NO LALANA MANKANY AMIN' ANDRIAMANITRA

**"...Fiainana mandrakizay no omen' Andriamanitra antsika, ary ao amin' ny Zanany izany fiainana izany."**
–1 Jaona 5:11

**"Fa fahafatesana no tambin' ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra ao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika."** –Romana 6:23

**"Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran' Andriamanitra no mitoetra eo aminy."** –Jaona 3:36

**"Hoy Jesosy taminy: 'Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin' ny Ray, afatsy amin' ny alalako.'"** –Jaona 14:6

# MISY MARINA NY LANITRA



Tao amin' ny fahitan' i Jaona ao amin' ny Apokalypsy toko faha 21, nahita lanitra vaovao sy tany vaovao izy.

**"Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin' ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha. Ary ho Ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana: Indro havaoziko ny zavatra rehetra. . . ."** –Apokalypsy 21:4, 5

Nahita ny Tanàna Masina koa i Jaona, Jerosalema vaovao izay nampidinin' Andriamanitra avy any andanitra. **". . . Ary ny tanàna dia tena volamena, toy ny fitaratra madio. Ary ny fanorenan' ny màndan' ny tanàna dia voaravaka vato soa samy hafa rehetra. . . ."**

–Apokalypsy 21:18, 19

# NANDEHA HANOMANA FITOERANA HO AN' IZAY REHETRA MINO AZY JESOSY

**"Aza malahelo ny fonareo; minoa an' Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon' ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa."** –Jaona 14:1-3

## AMBARAO AMIN' NY HAFA ITY VAOVAO MAHAFALY ITY

**"Ary hoy Izy taminy: 'Mandehana any amin' izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amin' ny olombelona rehetra.' "** –Marka 16:15

**". . .Ary ny hendry dia mahataona olona."** –Ohabolana 11:30

# TENY FIKASAN' ANDRIAMANITRA HO AN' NY ZANANY

**"...Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory."**
–Hebreo 13:5



**"Fa Izy handidy ny anjeliny ny aminao mba hiaro anao eny amin' izay rehetra halehanao."** –Salamo 91:11

**"...Ary tsy misy mahay mandrombaka amin' ny tànan' ny Ray."** –Jaona 10:29

**"...Ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan' ny fahataperan' izao tontolo izao."** –Matio 28:20

**"Aza matahotra izay efa hiaretanao....Aoka ho mahatoky hatramin' ny fahafatesana hianao, dia homeko anao ny satroboninahitra fiainana."** –Apokalypsy 2:10

**"Antsoy Aho, dia hovaliako hianao...."**
–Jeremia 33:3

# HO AVY INDRAY JESOSY

Hatsangana amin' ny maty *daholo ny rehetra.*

**"...Fa avy ny andro izay handrenesan' ny olona rehetra any am-pasana ny feony; dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin' ny fitsanganana ho fiainana; fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin' ny fitsanganana ho fahamelohana."**

–Jaona 5:28, 29



*Ny maty ao amin' i Kristy* no hitsangana voalohany.

**"Ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin' ny rahona hitsena ny Tompo any amin' ny habakabaka; dia ho any amin' ny Tompo mandrakariva isika."**

–1 Tesaloniana 4:17

**"...Miambena, ka mivavaha; fa tsy fantatrareo izay hihavian' ny fotoana."** –Marka 13:33

# 48 AHOANA NO HAHATONGAVAN' I JESOSY?



**"Indro Izy avy amin' ny rahona; ary ny maso rehetra hahita Azy. . . . "** –Apokalypsy 1:7

Tandremo ny kristy sandoka ary ny mpaminany sandoka.**"Koa raha misy manao aminareo hoe: 'Indro atỳ Kristy' na: 'Indro, arỳ'; aza mino hianareo . . . . Raha misy manao aminareo hoe: 'Indro any an-efitra Izy,' aza mankany hianareo; 'Indro, ao amin' ny efi-trano Izy,' aza mino."**
–Matio 24:23, 26

**HO AVY FAINGANA ENY AMIN' NY RAHONA ENY AN-DANITRA JESOSY**

**"Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fihavian' ny Zanak' olona . . . . Ary hahita ny Zanak' olona avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin' ny rahon' ny lanitra izy."** –Matio 24:27, 30

# NY SALAMON' NY MPIANDRY ONDRY

(Salamo 23)

**1 Jehovah no Mpiandry ahy; tsy hanan-java-mahory aho,**
2 Mampandry ahy amin' ny ahi-maitso Izy; Mitondra ahy eo amo-
ron' ny rano fialan-tsasatra Izy. 3 Mamelombelona ny fanahiko Izy;
Mitarika ahy amin' ny làlan' ny fahamarinana noho ny anarany Izy.

**4 Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fa-**
**hafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho; fa Hianao**
**no amiko; ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafa-**
**tahotra ahy.** 5 Mamelatra latabatra eo anoloako eo imason' ny
fahavaloko Hianao; manosotra diloilo ny lohako Hianao; ny
kapoakako feno dia feno.

**6 Eny tokoa, fahasoavana sy famindrampo no hanaraka ahy**
**amin' ny andro rehetra hiainako, dia hitoetra ao an-tranon' i**
**Jehovah andro lava aho.**

If you are interested in receiving additional Scripture booklets, write to the publisher in English.

**World Missionary Press, Inc.**
**P.O. Box 120**
**New Paris, Indiana 46553-0120 U.S.A.**

Omena maimaim-poana — tsy azo amidy